



ALAKAMISY MASINA - TAONA - B



Dia fara fitiavana no nataony taminy

Vakiteny I : Eks. 12, 1-8, 11-14

Tononkira : Salamo 115

Vakiteny II : 1 Kôr. 11, 23-26

Evanjely : Jo. 13, 1-15

Ry Kristianina havana, manomboka amin'izao alakamisy masina hariva izao ny fankalazana ataontsika izay mahazatra antsoina hoe "Tridium Pascal" izany hoe ny hateloana hankalazana ny Paka. Ho antsika ny fankalazana dia sady fahatsiarovana no fiainana izay ankalazantsika ary izany no ataontsika amin'ny litorjia izay asan'Andriamanitra satria miaina izay ankalazantsika isika. Andro lehibe ho antsika androany satria mankalaza ny Paka isika mandritra ny hateloana. Paka izay midika fandalovana ka miala amin'ny fiainana tsizarizary mitondra amin'ny fahafatesana mba hiditra amin'ny fiadanana lavorary.

Mirefarefa amin'ny tany fiainantsika raha tapaka ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy amin'ny namana noho ny ratsy ary izany no zava-misy amin'ny fiainantsika ankehitriny satria potika ny fifandraisantsika samy olombelona noho ny lalàna mahery sy fanjakan'i Baroa no mitranga. Ny vonoan'olona, ny fitapitaka, ny lainga no manjaka. Ny hevit'izao tontolo izao no entintsika amin'ny fifandraisantsika ka ireo madinika tsy manan-kianteherana no mandray ny vokan'izany rehetra izany matetika satria ady sy famonoana no manjaka. Izany koa no manjaka amin'ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainana sy ny manodidina antsika. Potika ny tontolo iainantsika noho ny fitiavana mandringana ny zava-boaahary nefo isika ihany no mandray ny vokadratsin'izany.

Raha mankalaza an'izao hateloana masina izao isika dia mampiditra antsika amin'ilay fifandraisana vaovao navaozin'i Kristy tamin'ny alalany nanolorany ny tenany tamin'ny hazo fijaliana.

Izany no dinihintsika sy alalinintsika amin'izao Alakamisy, Zoma, Asabotsy masina sy Alahadin'ny Paka izao. Fototra sy loharanon'ny fiainana sy finoantsika ny "Tridium Pascal", hibandinantsika ny fijaliana, ny fahafatesana, ny fandevenana sy ny fitsangananan'i Jesoa Kristy ho velona.

Ny evanjely androany mampahatsiahy antsika ny sakafo farany niarahan'i Jesoa tamin'ny mpianany ary tian'ny Eglisy ho tsapantsika lalina tokoa ny fihetsika nataon'I Jesoa raha nanasa ny tongotry ny mpianany izy izay manambara fa i Jesoa dia maneho manontolo ny fahavononany hanompo ary izany no lalana hahafahantsika mampiova hihatsara ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra izay mihapotika sy ny fifandraisantsika amin'ny namantsika sy ireo manodidina antsika ary amin'ny tontolo iainantsika. Amin'ny alalan'ny fanompoana no hahafahana manova ny zava-misy iainantsika ankehitriny ka manapotika ny fiainantsika. Ny fanompoana no handresentsika ny ratsy, ny fanompoana midika fitiavana. Raha mifankatia isika dia mirindra ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra.

Midera sy misaotra an'Andriamanitra isika satria manana ohatra velona eto amin'ny nosintsika Madagaskara, enga anie mba ho tahaka an'i Lucien Botovasoa izay ambara olontsambatra any Vohipeno amin'ny 15 aprily, izy izay nanompo tokoa sy niaina ny fifandraisana tanteraka tamin'Andriamanitra, nanompo ny namana sy ireo madinika tsy misy mpiahy. Fanompoana midika Fitivana, ary fitiavana no mampiray amin'Andriamanitra.

Ny fanasan-tongotra dia efa manambara ilay fanoloran-tena nataon'i Jesoa teo amin'ny hazo fijaliana. Azo lazaina fa sakramenta manambara ny famonjena nentin'i Jesoa ny fansany ny tongotr'ireo mpianany.

Tsara asongadina koa ny resaka nifanaovan'i Jesoa sy Piera tamin'ny fanasana tongotra, saiky tsy hanaiky ny fanasan'i Jesoa tongotra azy i Piera, ka novalian'i Jesoa hoe : "*raha tsy sasako ianao dia tsy hanana anjara amiko*" Ny tian'i Jesoa ambara dia fomba iray tsy maintsy atao izany fanasan-tongotra izany mba hiombonana tanteraka aminy satria tonga hanompo fa tsy tomponia. Manambara fifankatiavana ny fanompoana, manambara fa tsy misy intsony ny elanelana ka izany no nahatonga an'i Jesoa nilaza fa fampianarana no omeko anareo ka aoka hanao izany amin'ny rahalahinareo ianareo, "*Moa fantatrareo va izay nataoko taminareo? Ianareo manao Ahy hoe Mpampianatra sy Tompo, ary marina ny filazanareo; fa izany tokoa Aho. Ka raha Izaho Tompo sy Mpampianatra aza nanasa ny tongotrareo, ianareo samy ianareo koa dia tsy maintsy hifanasa tongotra; satria nomeko fianarana ianareo mba hanaovanareo toy ny nataoko taminareo*".

Ohatra lehibe ny nataon'i Jesoa, manambara sakramenta fanorenana io fanasan'i Jesoa ny tongotry ny mpianatra io. Fanorenana ny fanavotana antsika sy lalam-pamonjena ho antsika izay mitondra antsika amin'ny famakiana mofo izay hifampizarana amin'izao Paka izao sy hitondra antsika amin'ny famonjena ka manavao ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra sy amin'ny manodidina antsika ary amin'ny zava-boaahary. Izany fifampizarana izany dia manambara ihany koa fa miova mihatsara ny fifandraisana. Raha te ho Génération des Bâtisseurs isika raha te ho taranaka manorina dia ny fanomponana no hany lalana mitondra

antsika amin'izay fanorenana izay. Ho EOV st ETA tokoa isika raha vonona hanompo. Teo amin'ny fomba jody ny mofo dia tena sarobidy, manambara aina sy fanomezana aina, hitantsika amin'ny evanjely fa ireo izay voahilikiliky ny fiaraha-monina rehefa noraisin'i Jesoa sy nantsoiny tahaka an'i Zaké, tahaka an'I Matio dia niafara tamin'ny fiaraha-misakafo. Manambara fianam-baovao ao amin'i Jesoa ny famakiana mofo.

Isaky ny mankalaza ny Eokaristia isika dia sady manambara ny nahafatesan'i Jesoa no mankalaza ny nitsanganany ho velona, miandry ny hiaviany ka mampiombona antsika tanteraka ao aminy. Izany no dikan'ny mofo natolony ho antsika sy ny ràny mba hahazoantsika ny aim-baovao vokatry ny fanavotany izay notanterahiny tamin'ny fandalovany tamin'ny hazo fijaliana.

Amin'izao andro fankalazana nanorenan'I Jesoa ny eokaristia izao dia aoka isika tsy hankalaza fotsiny ka manatanteraka ny fihetsika nataony fotsiny fa aoka hanatanteraka izay nataony dia ny fanasana ny tongotra, ny fanompoana, ny fanolorany ny tenany amin'ny mofo sy divay handraisantsika ny ainy.

Ry Kristianina havana, aoka isika isaky ny mandray ny vatan'i Kristy hanao ny fiekiem-pinoana fa tena i Kristy tokoa no raisintsika, aoka isika hamaly "Amen" amin'ny feo mazava tsara ka heno tsara ny valin-teny ataontsika mba hanambarantsika fa miombona tanteraka amin'i Kristy isika. Mitoetra ao amin'i Kristy isika noho izany sy hitoerany koa satria raha izy no mitoetra ao amintsika, izy izay naneho ilay fara-fitiavany tamin'izy nanasa ny tongotra dia izay fara-fitiavana izany koa no mibaribary tamin'izy nanolotra ny ainy tamin'ny hazo fijaliana ho rentsika amin'ny evanjelin'ny zoma masina fa misy rano sy rà mivoaka avy ao amin'ny fony, mampibaribary ny fanorenany ny Eglisy, mampibaribary ny fitiavany antsika ka andraisantsika ny ainy. Izany no mahatonga antsika mba manokana ihany koa ity alin'ny Alakamisy masina ity hiombonana aminy, raha miara miaritory aminy isika dia manantena ihany koa fa hiaraka aminy amin'ny fitsanganan-ko velona.

Ry Jesoa Tompo ô, nametraka ohatra velona ho anay ianao amin'ity Alakamisy masina ity, maro ny zavatra nanehoanao izany ohatra velona izany. Ny fanasana tongotra izay mampibaribary fa tsy tonga ho tomponia ianao fa nanompo ary izany no lèlana hampiova ny fifandraisanay amin'Andriamanitra sy amin'izahay samy olombelona ary amin'ny zava-boaahary. Ry Jesoa ô, nametraka ny Eokaristia ianao ny famakian'ny mofo dia manambara ny fifampizarana sy ny fifandraisana Amino, mifampizara ainao aminay ianao, nomenao anay ny ainao amin'ny alalan'ny eokaristia ka enga anie izahay ho vonona ihany koa hanome ny ainay, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana, raha mifanasoa tokoa izahay dia hiova ny fifandraisanay amin'Andriamanitra sy amin'ny mpiara-belona aminay ary ny zava-boaahary.

Ry Jesoa Tompo ô, ampianaro izahay hahay hifampizara sy hifanompo. Enga anie hivelona ny ohatra nomenao anay izany. Amen